# Ilay Voa Tsara Nafafy 22 Jolay 2018

**Jesosy avy any Nazareta, ... nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa ... satria Andriamanitra nomba Azy. Ary izahay no vavolombelon'ny zavatra rehetra izay nataony tany amin'ny tanin'ny Jiosy sy tany Jerosalema.**
Asan'ny Apostoly 10. 37, 38, 39

## Rehefa niverina avy tany Jerosalema

Ilay mpanoratra antsoina hoe Pierre Loti (1850-1923) dia nilaza ny tenany ho tsy mpino, nefa nandeha tany Israely, mba hitady marika hoe nisy tokoa Jesosy. Ireto misy fehezanteny vitsivitsy nalaina tao amin'ny boky mitondra ny lohateny hoe „Jerosalema", nosoratany taorianan'io diany io.

„Kristy dia nilaza zavatra mahatalanjona. Niresaka famelan-keloka sy famindrampo ary fitiavana Izy. Ireo manampahaizana amin'izao vaninandro ianantsika izao dia niezaka nanazava, araka ny maha olombelona, ny asa nanirahana an'i Kristy, saingy tsy nahavita izany.

Nisafidy ny anjara tsara ireo izay mitsaoka Azy na dia tsy nahatakatra aza... Ary afaka manao tahaka azy ireny koa, angamba, ny olona manahirana kokoa sy mahira-tsaina kokoa ohatra antsika."

Niaiky i Loti fa rehefa niala tany Jerosalema dia „diso fanantenana ny nofinofiny, nihidy ny fony, kanefa feno faniriana tsy tanteraka izy, sady feno tebiteby manoloana ny any ankoatra".

Araka izany izy dia toa tsy nandray „ny anjara tsara", omena malalaka ho an'ireo izay tonga saina fa mpanota eo anatrehan' Andriamanitra, sady mahatsapa am-pahatsorana sy an-kitsimpo ny maha kely sy bitika azy, manoloana ny hafatra mahatalanjona nentin'i Kristy. Na olona tsy mahay mamakafaka, na izay manampahaizana faratampony, dia samy afaka mahatakatra ny hoe : manaiky am-panetrentena ny famelan-keloka atolotr'i Jesosy, vokatry ny asam-panavotana nataony teo amin'ny hazofijaliana. Ho feno tebiteby mandrakariva ny fanahin'ny olombelona, manoloana ny any ankoatra, raha tsy miankina amin'i Jesosy izy. Efa notanterahin'i Jesosy ny zavadrehetra, ary hoy Izy amintsika hoe : „Aza malahelo ny fonareo ; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa" (Jaona 14. 1). Eny, misy famelan-keloka eo aminy, satria Izy nanao „fampihavanana" tamin'„ny rany teo amin'ny hazofijaliana" (Kolosiana 1. 20).